


**FIAMPANGANA**

Nahatratra fanaovana hosoka sy halatra vitan'ny lehiben'ny sampan-draharaha iraisam-paritry ny OMDA/Toamasina ny Talen'ny OMDA foibe, Haja RANJARIVO, ka nampiato an'ilay mpangalatra tamin'ny asany.

Tsy nankasitraka an'izay fandraisana andraikitra izay anefa ry zareo ao amin'ny Ministeran'ny Kolotsaina tarihan'i Brigitte RASAMOELINA, ka dia noesorin'izireo tamy toerany ny Talen'ny OMDA, fa ny mpangalatra no arovan'izireo.

Tsy vitan'izany fotsiny ihany, fa notorian'ny Ministeran'ny Kolotsaina any amy Polisy io tale io. Ohatran'ny tadiavin'izireo ho gadraina mihitsy!?! Na ny lalàna izay hita ao amin'ny Sata mifehy ny OMDA aza tsy narahin'izireo. (andininy 24: Ny Ministry ny Kolotsaina dia mandefa amin'ny Filankevi-pitantanana izay zavatra tsikariny sy ilaina momba ny fitantanana ara-bolan'ny OMDA... **Ny Filankevi-pitantànana dia afaka mangataka ny fidiran'ny mpanao fanadihadiam-panjakana an-tsehatra - Inspection Générale de l'Etat -, raha ilaina**
).

Io Tale izay noesorina io no tsara ofana indrindra tamin'ireo tale rehetra izay nandalo tao amin'ny OMDA. (Nalefanay niofana tany amin'ny OMPI sy CISAC ary SACEM tany Genève sy Paris, sns sns...). Vokany sy porofo, dia nandroso ny OMDA. Tsy minono amin'ny Ministeran'ny Kolotsaina intsony, izay nitrotro azy 30 taona lasa izay.
94% ny vola ao amin'ny OMDA ankehitriny, dia zon'ny mpamorona voaangon'ny ekipa tarihan'io tale noesorina io. I Haja RANJARIVO izay lasa teknisiana mahay, ka manao kaonferansy momba ny zon'ny mpamorona ao amy Sekolim-pirenena ho an'ny Mpitsara sy

Mpiandraiki-draharaha. Mpanao kaonferansy, isan-taona, any amy Sekolim-Pirenena ho an'ny Polisy, any amy Sekolim-Pirenena ho an'ny Zandary, sy ho an'ny mpiasan'ny Fadin-tseranàna.

Ny olona notendren'ny Ministera hisolo toerana azy dia zazavao tsy mahay izay ativilaninay. Tsy mba mpiasa tranain'ny Ministeran'ny Kolotsaina akory, ka tsara hosotra. Fa mpiasa vao nampidirin'io Ministry ny Kolotsaina io tao anatin'ny fotoana fohy naha ministray azy. *"Zana-dra havaviny"* , hono io zazavao io?!...

Aoka tsy ny Ministeran'ny Kolotsaina, izay mametraka vola kely -6% fotsiny- ao amin'ny orinasanay OMDA, no hanampatra fahefana ka hanakenda ny zavakanto Malagasy... Ny ady amy piraty aza tsy ataony./.

**Eusèbe JAOJOBY –Mpikambana feno sy mpandoa vola ao aminy OMDA**